Fitondra Rajoelina 3

**Mpanao mizana tsindrian'ila nefa milaza ho tsy momba ny atsy na ny aroa**

Ny Valosoa sy fakafaka 2

**Aoka tsy ho very dia amin'ny zava-misy any ivelany**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 3 martsa 2022 Laharana 1269 Vidiny : **400 Ar**


Adin'i Rosia sy i Ukraine 3

**Manameloka ny Rosiana ny antoko PSD**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


### Fanavaozana ifotony ny lisi-pifidianana 3

# Nangata-panazavana tamin'ny CENI ny antoko TIM



### Nofoanan'ny kaominina Antsiranana 6

# Nivadika ho Vetaveta Party ny Pool Party ao amin'ny Hotel de la Baie



### Vondrona parlemantera TIM 2

# Miantso ny depiote hanao fitsipaham-pitokisana ny governemanta



### Lions Club International Madagasikara 7

# Hetsika fanangonana tolo-tanana ho an'ny traboina ny sabotsy izao



### Antoko Politika Madio 2

Miantso ny fitondrana hampody ireo Malagasy any Ukraine

### Kaominina Ivato 6

Hanome tolo-tanana ny hetsiky ny Tily Menafify Ivato Seranana

### Daka kely

Hita hoe tsy manana hazon-damosina fa misababaka ianareo ry Boaikely a !

VONDRONA PARLEMENTERA TIM

# Miantso ny depiote hanao fitsipaham-pitokisana ny governemanta

Nisy ny valandresaka natao'ny solombavambahoaka Tiako i Madagasikara (TIM), tao amin'ny lapan'ny Antenimierampirenena teny Tsimbazaza omaly. Tao anatin'izany no nanambaràn'ny solombavambahoaka filohan'ny vondrona parlementera TIM, Fetra Ralambozafimbololona, izay nitondra ny tenin'ireto farany fa:

Tsy mitsahatra mitotongana ny fari-piainan'ny Malagasy ary miha- lalina hatrany ny fahantrana mianjady aminy . Ahitàna taratra izany ny fiainana andavanandron'ny mponina, izay tsapa fa miantehitra amin'ny fitserana sy ny indrafon'ny mpitondra fotsiny sisa, fa tsy afaka miatrika ny tena fihariana . Ny tarehimarika avoakan'ny manampahaizana manokana amin'ny fanombanana fikajiana ny lafiny toekarena dia tsy nahitàna lanja miakatra mihintsy nandritra izay vanim-potoana izay, fa mamoaka taha tsy mitsahatra ny miiba hatrany . Lasa anisan'ny firenena mahantra sy farahidiny eran-tany mihintsy i Madagasikara.

Manampy trotraka izany ny endrika tsy fahaiza-mitantana miseho lany eto amin'ny fitondràna ny firenena ary mampiaiky volana ny fisian'ny fanodinkodinam-bola sy kolikoly avo lenta miseho masoandro, kanefa tsy misy fandraisana fepetra matotra. Toy izany koa ny fanaovana tantely afa-drakotra ny harem-pirenena, izay toa efa lasa andavanandron'ireo tambazotra samihafa.



*Ireo parlementera TIM, nitafa tamin'ny mpanao gazety teny Tsimbazaza omaly.*

Zary lasa fomba fanaon'ny mpitondra ny endrika fanjanahan-tsaina amin'ny alalan'ny fampanantenana poak'aty lavareny tsy tanteraka .

Ny tsy fanajana sy fanitsakitsahana ny lalàna manan-kery ataon'ny mpitondra fanjakana hatrany ampiandohan'ity fotoam-piasana ity ary efa nanaovanay antso fanairana dia mbola mitohy hatrany . Tsy vitan'ny mampandringa ny rafipanjakàna izay tokony ho efa tafapetraka hatry ny ela izany, fa mampirongatra koa ny toetsaina tsimatimanota eto amin'ny firenena.

Efa tsinjo sahady koa ny fikasana tsy hanatanteraka ny fanavaozana ifotony ny lisi-pifidianana, izay didian'ny lalàna ho tanterahina isaky ny 10 taona .

Ny trangam-pitondran-tena isan-karazany tsy mitsaha-miseho eo anivon'ny rafitry ny fitondram-panjakàna dia maneho ny tsy fahamatorana misy eo amin'izy ireo . Fa indrindra koa miteraka fiantraikany ratsy amin'ny fiainam-pirenena, satria zary fotoam-bery maina raha tokony hiatrehana ny tena asa andrasan'ny vahoaka amin'ny mpitondra.

Sesilany ny tsy fandriampahalemana eto amin'ny firenena ary hita fa tsy voafehin'ny mpitondra intsony .

Noho ireo antony voatanisa ireo dia mahatsapa ny vondrona parlementera Tiako i Madagasikara, fa tsy mahavita ny andraikitra tandrify azy sy andrasan' ny vahoaka aminy ny fahefana mpanatanteraka, ka tonga ny fotoana tokony handraisan'ny solombavambahoaka ny fepetra araka ny andraikitra omen' ny lalàna manankery azy .

Noho izany , miantso ny solombavambahoaka rehetra ny vondrona parlementera TIM, mba hiara-hijery akaiky ny zava-misy iainan'ny firenena sy izao fahantrana lalina mianjady amin' ny vahoaka izao, ka hiroso amin'ny fampiharana ny voalazan'ny lalàmpanorenana ao amin'ny andininy faha-103 izay manome alalana ny Antenimierampirenena haneho tsy fankasitrahana ny andraikitry ny mpanatanteraka, fitsipaham-pitokisana, na motion de censure ny governemanta, ho tombontsoan'ny Malagasy rehetra dieny tsy mbola diso aoriana loatra.

**Helisoa**

CENI

# Manentana ny mpifidy hanitsy sy hanamarina ny lisi-pifidianana

Ho fampiharana ny andininy faha-37 andalana faha-3 amin' ny lalàna fehizoro 2018-008, tamin'ny 11 Mey 2018 mikasika ny fitondrana ankapobe ny fifidianana sy ny fitsapan-kevibahoaka, ny CENI dia niroso tamin'ny famaranana vonjimaika ny lisi-pifidianana izay notanterahina ny alatsinainy 28 febroary 2022 tamin'ny alalan'ireo Rantsamangaika eny anivon'ny Distrika. Tao anatin' ny Fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana (RALE) 2021-2022, dia mizara roa lehibe ny asa natao, hoy ny fanambaran'ny CENI:

Andaniny, fampidirana ireo mpifidy vaovao izay vao feno 18 taona ; famerenana ireo mpifidy voafafa tsy nahy tanaty lisitra; famerenana ireo naverin'ny fitsarana amin'ny zony.

Ankilany, ny fanesorana ireo maty sy ireo nifindra toeramponenana ary ireo very zo taorian'ny fanapahan-kevitry ny fitsarana.

Araka ny fomba fiasa dia atolotra ny CLRE (eny anivon'ny Fokontany) ny lisitra ahitana ireo anarana miverina indroa na maromaro. Eo ihany koa ny lisitr'ireo mpifidy mitovy laharana karapandrom-pirenena, mba hahafahana manamarina na manitsy izany.

Ny fepetra rehetra horaisina manandrify izany dia nankinina tanteraka eo amin'ny distrika isanisany avy. Ny fanamarinana ny mombamomba ny mpifidy tsirairay voakasik'izany, na ny fanitsiana tokony ho atao amin' izany, dia tsy maintsy noresahina tao amin'ilay lisitra natolotra azy ireo. Ny tanjona dia ny hahazoana vokatra tsara ho amin'ny famaranana vonjimaika ny lisi-pifidianana 2021-2022.

Raha efa ireo asa rehetra notanterahina ireo dia niroso tamin'ny fanangonana sy fanontana printy ary famaranana vonjimaika ny lisitry ny mpifidy ny CENI. Araka ny voatondron'ny lalàna, ny lisitra izay faranana vonjimaika ny 28 febroary, dia atolotra isaky ny Fokontany, ka hoentina hanama- rinan'ny mpifidy ny mombamomba azy. Manana fe-potoana 20 andro aorian'ny namerenana izany eny anivon'ny fokontany izy ireo, izay nanaovana peta-drindrina ny filazana ny fametrahana izany lisitry ny mpifidy izany eny anivon'ny biraom-pokontany, araka ny voalaza ao amin'ny andininy faha-21 amin'ny làlana fehizoro 2018-008.

Araka izany hoy ny CENI, mpifidy 10512419 no voasoratra anarana nandritra ny RALE nofaranana tanteraka tamin'ny 15 May 2021.

Toy izao kosa ny statistika mifandraika amin'ny RALE 2021-2022 :

Ny isan'ny mpifidy vaovao: 380 601,

Ny isan'ny mpifidy noesorina: 180 039,

Ny isan'ny mpifidy nofaranana vonjimaika ny 28 febroary 2022: 10712981. Araka izany dia nahitana taham-pitomboana : 1,91% izany.

Na teo aza ireo olana natrehina tamin'ny fanatanterahina ny asan'ny famaranana vonjimaika io lisitry ny mpifidy io, RALE 2021-2022 : fisian'ny valan'aretina COVID-19, sy ny vanim-potoanan'ny orana, andro ratsy ; ny CENI sy ny rantsamangaikany dia nanao ny ainy tsy ho zavatra ary tsy nikely soroka tamin'ny andraikitra izay napetraky ny lalàna tamin'izy ireo .

Farany, manentana ny mpifidy hatrany ny CENI, mba hanitsy sy hanamarina ny mombamomba azy ireo ao anaty lisi-pifidianana nofaranana vonjimaika izay napetraka eo anivon'ny Fokontany misy azy ireo.

Momba ity lisi-pifidianana ity, ny rodoben'ny mpanohitra RMDM sy ny antoko TIM dia efa nanambara, fa fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana no tokony ho natao, satria isaky ny 10 taona no fanaovana azy, ny taona 2012 no nanaovana izany farany, noho izany tokony hirosoana izay fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana izay amin'ity taona 2022 ity.

**Nangonin'Isambilo**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Aoka tsy ho very dia amin'ny zava-misy any ivelany

Marina fa Nosy isika, ka tsy tokony hiolonolona samirery aty amin'ity ranomasimbe misy antsika ity, fa tokony hifandray sy hivelatra amin'ny firenen-drehetra manerantany. Iaraha-mandre sy mahita amin'ny fampitam-baovao any ivelany ny zava-mitranga any Ukraine tato anatin'ny andro maromaro lasa izay. Ny mahavariana, samy misintona ny mpitondra malagasy hirona aminy, hanohana azy ireo avokoa na ny Tandrefana na ny Tatsinanana na i Rosia izany. Ilay firenena mahantra indrindra manerantany ary menamitaha amin'ny hafa. Fa inona ny lanjan'ny firenena sy ny mpitondra manoloana ny sehatra iraissam-pirenena? Inona no akon'ny fanambarana nataon'i Andry Rajoelina teo amin'ny polipitran'ny Firenena Mikambana raha nilaza ny momba ny Nosy manodidina izay an'ny firenena Malagasy, fa bodoin'ny fitondrana frantsay mandraka ankehitriny ary izy no migoka ny harena amin'izy ireo nandritry ny taona maro efa ho taonjato iray mahery? Tsy nisy nahitanteny momba izany ary tsy nisy fehin-kevitra nivoaka ankoatra ny tamin'ny andron'ny Repoblika faharoa. Hatreto dia ariarin'ny fitondrana frantsay fotsiny ny raharaha ary sarotra antenainy ny hiverenan'ireo Nosy ireo amin'ny Malagasy hatreto.

Tsy izany no hampisavoan-tsaina ny mpitondra, ka tsy ahitany ny zava-misy marina. Ny zava-misy marina, mahantra i Madagasikara, ary mila fanavotana maika dia maika ny vahoaka malagasy. Izay aloha no laharam-pahamehana ilàna ny fiaraha-mientana izao, satria mibaribary loatra ilay fahantran'ny Malagasy. Sa ny toe-javamisy toy izao any Ukraine izao, no anisany ilain'ny fitondrana amin'ny politikany, fa hanarian-dia ny vahoaka amin'ny zavatra hafa aza foronina. Atao izay hanarian-dia ny vahoaka mba tsy hifantoka be amin'ny fahoriany amin'ny fahantrany eo amin'ny fiainana andavanandro eo, ka hampisokatra sy "hahatonga saina" azy.

Marina fa hisy fiantraikany aty amin'ny firenentsika ny zava-mitranga any Ukraine eo amin'ny sehatra ara-tsosialy na toekarena, ohatra, kanefa mila ifantohana ny firenena. Mila mipetraka amin'ny tany ny tongotry ny mpitondra ary mila manokatra tsara ny masony ahitany sy hiainany ny zava-misy marina eto amin'ny firenena, sy amin'ny vahoaka, raha tena mahatsiaro ho tomponandraikitra marina sy mendrika an'izany tokoa. Ny zava-misy ankehitriny eto amin'ny firenena sy any ivelany, mampifandrirotra ny firenena maro matanjaka, dia hahafahana mandrefy indray ny fitondrana Rajoelina amin'izay ho fihetsika sy fepetra raisiny.

**Sôh'son**

Antoko Politika Madio

# Miantso ny fitondrana hampody ireo Malagasy any Ukraine

Noho ny zava-mitranga erantany amin'izao fotoana, noho ny ady eo amin'I Rosia sy Ukraine, mitondra ny fahitany izany koa ny Antoko Politika Madio, amin' ny alalan'ny filoha nasiônaliny, RAKOTOARISOA Faniry Alban: « Manoloana ny ady mitranga any UKRAINE, ROSIA sy ny vondrona OTAN, dia mitondra ireto fanehoan-kevitra ireto ny Antoko Politika Madio (APM).

Manameloka tanteraka ny herisetra sy fihantsiana avo lenta mahatonga ny ady sy herisetra maro.

Manentana hatrany hatrany ny famerenana ny ady hevitra eo ambony latabatra.

Tsikaritra hatramin'izay, ka hatramin'izao, fa tsy nahasakana ady mitam-piadiana ary mbola tsy mahasakana velively ny fisian'ny ady hatramin' izao ny rafitra ONU, na Firenena Mikambana.

Samy tokony handray lesona ireo firenena voakasika, fa izao no vokany rehefa tsy hajaina ny fi- fanarahana natao tany aloha toy ny «Accord de Minsk».

Ny Antoko Politika Madio: APM dia manentana ny vahoaka Malagasy mba tsy hionona amin' ny feon-dakolosy tokana, fa hijery sy hamakafaka karazana loharanom-baovao maro lafy maneran-tany, ka tsy hionona amin'ny vaovao miendrika fandemen-tsaina.

Ho an'ny fitondrana hoy ny fanambarana:

ny fanjakana Malagasy, no miaro ny olom-pireneny na aiza na aiza misy azy. Manainga ny fitondram-panjakana hampody an-tanindrazana ireo teratany Malagasy monina sy mila ravinahitra any Ukraine.

Tsara miomana dieny izao ny fitondrana amin'ny fiantraikany ratsy ara-toekarena aterak'izao ady izao. Manentana anareo sahady hitady vahaolana dieny izao ho fitsinjovana ny vahoaka.

Mikasika ny taratasy azon- tsika avy any amin'ny Vondrona Eôrôpeanina mikasika ity ady ity dia : mangataka ny fitondrana Malagasy mba tsy hijabaka amin'izao raharaha izao ary hilaza amin'izy ireo mba tsy hanery antsika hiandany amin'ny atsy na ny aroa.

Fotoana izao handraisana fanapahan-kevitra amin' ny fanavaozana sy fanamafisana orina ny diplaomasia. Izany ezaka izany dia mirona mankany amin' ny firaisankina amin'ireo firenena Afrikana miezaka ankehitriny ny hiala amin'ny zioga mangeja ataon'ireo firenena tandrefana hatramin'izay.

Ankoatra izany, mampahatsiahy hatrany izahay, mba tsy hangataka andro intsony amin'ity indray mitoraka ity. Fotoana izao hitakiana ny famerenana ny Nosy Malagasy manodidina na ny « Iles épar-ses », sy ny fialana tsikelikely amin'ny fanjanahantany an-kolaka mbola tohizan'ny firenena manjanaka», hoy ity fanambaran'ny APM ity.

**Nangonin'i Stefa**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondra Rajoelina

# Mpanao mizana tsindrian'ila nefa milaza ho tsy momba ny atsy na ny aroa

Araka ny vaovao nivoaka ny faran'ny herinandro lasa iny dia nangataka ny fitondrana eto Madagasikara ny masoivohon'ireo firenena maro any ivelany sy ny masoivohon'ny Vondrona Eropeana eto an-toerana mba hanameloka ny fananiham-bohitra ataon'ny Rosiana any Ukraine. Tsy hijery izay hevitry ny olompirenena tsotra, na momba na tsia izany antso izany eto, fa ny valitenin'ny lehiben'ny governemanta manoloana izany kosa no heverina fa manambara ny hevitry ny mpitondra amin'izao fotoana izao. Raha ity toe-draharaha ity no jerena araka ny Lalàmpanorenana dia anisan'ny maneho ny Fiandrianam-pirenena ny fanehoan-kevitra ataon'ny mpitondra ary ny filohan'ny Repoblika no tsy maintsy mamaly amin'ny fomba ofisialy ny fangatahan'ny firenena maro aminy. Ny mahavariana sy manahirana anefa dia ny lehiben'ny governemanta, ny praiminisitra, no namaly fa « nisafidy ny tsy homba ny atsy na ny aroa » (non-aligné) i Madagasikara. Tamin'ny andron'ny Repoblika faha-2 no nisy izany politikan'ny "tsy momba ny atsy sy ny aroa" izany. Azo lazaina fa tsy nitondra an'i Madagasikara na taiza na taiza izany raha ny tantatra eo amin'ny fifandraisana iraisam-pirenena no halalinina. Ny tsapa dia toa midika ho tsy manao mizana tsindrin'ila izany ny fitondrana kanefa tsy izay ny zava-misy iainan'ny Malagasy eto an-toerana, nandritra ny telo taona nitantanan'izy ireo izay. Ny mpanam-bola sy manampahefana ary tomponandraikitra ihany no mahazo laka sy manjakazaka eo amin'ny sehatra sy ny fahefana misy rehetra. Tsy misy olompirenena tsotra, na inona na inona kilasy sosialy misy azy, ka tsy iharan'ny tsindry hazo lena sy tsy miditra am-ponja ary mahazo rariny rehefa mifanandrina amin'ny mpitondra manana ny hery sy ny tanjaka eo am-pelatanany. Iaraha-mahalala fa manana ny fitaovana sy hery ara-tafika ny Rosiana ary miantehitra amin'izany ka sahy mihantsy ireo firenendehibe mihitsy. Mhafantatra izany ny fitondrana Rajoelina Andry fa manao tsindry hazo lena ny firenena Okraniana izany Rosia ka nahoana izy no tsy sahy manameloka an'ity farany ? Araka ny vaovao dia avy any Rosia ireo fitaovam-piadiana narentirenty tamin'ny fotoana nanaovan'ny filohan'ny Repoblika fihaniana, ny 19 janoary 2009. Nandeha tany Rosia ny minisitry ny Fiaraovam-pirenena kanefa tamin'izany fotoana kanefa dia maizina tanteraka ny anton-diany tany. Tonga teto an-toerana ny manamboninahitra jeneraly ny faraparan'ny taona 2021 ary nihaona tamin'ny praiminisitra kanefa dia tsy nisy fanambarana ofisialy momba izany. Niresaka tamin'ny masoivohon'i Rosia ny minisitry ny Raharaham-bahiny andro vitsy lasa izay ary tsy fantatra ihany koa ny votoatin'izany fihaonana izany. Ireo tokoa, angamba, no tonga amin'ilay fitenenana hoe "secret d'Etat" ka tsy ilaina hampahafantarina ny vahoaka Malagasy. Tsy mahagaga araka izany raha tsy sahy mandray fanapahan-kevitra hentitra manolohana ny toe-draharaha misy any Ukraine izao ny mpitondrana eto Madagasikara. Toy ny eto an-toerana ihany, tsy miaro ny madinika mihitsy ny mpitondra, na dia fantany izao aza fa manana ny rariny sy ny hitsiny aza iretsy voalohany. Fantany ihany koa fa fananiham-bohitra no ataon'i Rosia any Ukraine kanefa fantany ihany koa fa malemy ity farany ka ho sahirana izy raha manameloka iry voalohany raha toa sanatria ka milavo lefona ity farany. Ho tapaka ihany koa anefa ny fanampiana sy famatsiana avy any amin'ireto firenena sy ny Vondrona Eropeana nangataka ny mpitondra eto Madagasikara hanameloka an'i Rosia raha toa ka misafidy ny hanohana ity farany ny manampahefana malagasy.

***Andry Tsiavalona***

Fanavaozana ifotony ny lisi-pifidianana

# Nangata-panazavana tamin' ny CENI ny antoko TIM

Tsy mitsahatra ny maneho hevitra mikasika fanomanana ny fifidianana izay hatao ny taona 2023 ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), hisian'ny fifidianana eken'ny rehetra, mba hisian'ny filaminana eto amin'ny firenena . Manoloana izany , nisy ny fihaonana teo amin'ny filohan'ny CENI sy ny tale kabinetrany omaly, teo amin'ny antoko Tiako i Madagasikara , ka ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM: Rina Randriamasinoro sy ny mpandrindra nasionalin'ny antoko Jean Claude Rakotonirina, no nisolotena ny antoko tamin'izany . Nisy ny lesoka teo aloha tamin'ny fifidianana nisy teto amin'ny firenena . Teo ny fisian'ny doublon anarana miverimberina , karampanondro miverimberina , ny ankizy tsy ampy taona nifidy hoy Rina Randriamasinoro , ka tsy maintsy tokony hisy ny fanavaozana ifotony sy tanteraka ny lisi-pifidianana. Na izany aza anefa dia tsy tokony hihemotra ny fifidianana fa tsy maintsy hatao amin'ny 2023 ihany . Mialoha izany dia tokony hisy ny fikaonandoham-pirenena concertation nationale, hiarahan'ny daholobe mandinika ny tokony hitondràna ny fifidianana, mba ho eken'ny rehetra ny vokatry ny fifidianana hatao eo .

***Helisoa***



*Ny avy amin'ny antoko TIM teny amin'ny CENI omaly.*

ADIN'I ROSIA SY I UKRAINE

# Manameloka ny Rosiana ny antoko PSD

Manoloana ny ady eo amin'i Rosia sy i Ukraine amin'izao fotoana, misy ny fanambarana avy amin'ny antoko PSD (Parti Social Democrate), tamin'ny alalan'ny sekretera nasiônaliny Eliana Bezaza:

"Marina fa nanafika firenena tsy manan-tsiny ny tandrefana, ary namorona antony feno fihatsarambelatsihy, mba hanamarinana ny tsy rariny nataony. Efa nanameloka izany izahay hatramin'izay ka hatramin'izao.

Fa na dia nisy aza izany, dia tsy azo ekena koa ny hetsika rehetra mitovy amin'izany, toy ny ady izay ataon'ny rosiana amin'ny any Ukraine, na inona na inona ny antony. Manani-bohitra sy manafika firenena tsy nihantsy ady, mamono sivily, zaza aman-behivavy, ary indrindra indrindra mampitahotra amin'ny fampiasana fitaovam-piadiana nokleary izay mety hanapotika tanteraka na amin'ny ampahany ny planeta izay iainantsika. Rehefa atomboka ny herisetra dia sarotra sahanina, ka tsy fantatra izay hiafarany.



*sekretera nasiônalin'ny antoko PSD, Eliana Bezaza.*

Raha isika malagasy dia tsy tokony hanaiky ny fanjanahana izay ataon'ny firenena hafa amin'ny tanin'olona, satria isika mi- taky ny famerenana amin-tsika ny nosy malagasy izay feno gazy natoraly hifandroritan'ny rehetra io.

Izahay PSD dia manameloka tanteraka an'izany fihetsika izany. Amin'ny maha sosialy demokraty anay, dia apetrakay ambony dia ambony ny fiainan'ny olombelona, ny fahafahana ary na inona ny tsy fifankahazoana dia tokony ny fifampiresahana an-databatra boribory no homena vahana. Tsiahivina fa izany no namoronana ny « Charte des Nations Unies », na Satan'ny Firenena Mikambana dia ny fiarovana ny fandriampahalemana eran-tany, ny fiarovana ny zon'olombelona, ny fifanampiana amin'ny maha samy olombelona ary ny fampandrosoana maharitra. Izany rehetra izany dia eo ambany fifehezan' ny lalàna iraisam-pirenena", hoy ny fanambaran' ny antoko PSD. Arak'izany, manameloka ny Rosiana ny antoko PSD amin'izao ady misy eo aminy sy i Ukraine izao.

***Nangonin'i Niaina***

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

TONONKALO

## FIVERENANA MANGINGINA ?

Nangingina teny Ivato tamin`ny andro niverenany.
Tsisy angamba ireo voandalana ka dia menatra ny tenany
Toa tsy nahitan-kabary izay mitory fidedahana,
Lany koa angaha ny lainga sy karazam-pamitahana !

Izao no hevitra mipoitra raha aravona sy adika :
Tsy atokisan`ny mpamatsy intsony ny mpitondrantsika,
Noho ny fomba fitantanana tena tsy mangarahara,
Izay miseho ankehitriny eto Madagasikara !

Dia manampy izany koa ny tsy fisian`ny fahalalahana,
Fa mandeha ny teritery sy karazam-panavahana.
Izay miseho mba manakiana dia indreo fa toa fofoina,
Ka hazaina hatrany hatrany sy mazàna ampanantsoina.

Ny hany mba mahazo sehatra dia ny "vondro-mpisolelaka",
Sy ireo nomena "saosy" na ireo nahazo "felaka" ,
Fa ny hafa dia mazàna tena tratry ny antsojain`
Ny tarik`ilay mpampandihy midera tena ho mahay !

…Hatreto dia ambara tsotra ho mihamaizina ny sary.
Tsy hita izany fidorehitry ny hoe "volomboasary".
Tsy mamokatra satria voasary mamy no antenaina,
Kanjo"manga lo" no mihintsana sy mameno zaridaina !

*IRINA HO TAFITA (28-02-22)*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Rano niakatra teny amin'ny 67 ha, teto an-drenivohitra afak'omaly hariva, noho ny orambe nirotsaka.











Rano niakatra teny Besarety, noho ny orambe teto Antananarivo afak'omaly io.









## NY TENY FIAINANA

*"Ary aoka samy halemy fanahy amin'ny namany avy hianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan'Andriamanitra ny helokareo ao amin'i Kristy".*
***Efesiana 4:32***

CROSS COUNTRY TOMPON-DAKAN'I MADAGASIKARA

# Manakara ihany no handray ny fifaninanana

Raikitra fa any Manakara ihany, no hatao ny fifaninanana athletisma fiadiana ny ho tompon-dakan'i Madagasikara, amin'ny « Cross Country ». Amin'ny sabotsy 12 martsa 2022 ho avy izao no hanatanterahana an'izany, ka ny hazakazaka 2km, 4km, 6km, 8 km ary 10 km arakaraka ny sokajin-taona, sy ny "relais inter-quartier", no hifaninanana.



*Santionan-dalana any Manakara.*

Marihana fa tamin'ny sabotsy 26 febroary 2022 lasa teo no tokony ho nanatanterahana an'ity hetsika ity, nefa voatery nahemotra noho ny andro ratsy nandalo teto amintsika. Tsiahivina fa athleta miisa 224 avy amin'ny ligim-paritra 13 no ho avy any an-toerana, ny ligim-paritr'i Bongolava no tsy ho avy. Mahazo "Quotas" athleta 5 avy ny ligy isanisany, izay hiantohan'ny Federasiôna ny mikasika manontolo azy ireo, miaraka amin'ny filohan'ny ligy nihaviany sy "staff" vitsivitsy. Raha te hitondra athleta hafa kosa ireo ligy samihafa dia samy mianto-tena avokoa izany.

Marihana fa efa nidina tany an-toerana nijery ny fanomanana rehetra ry zareo avy ao amin'ny FMA, ka nilaza fa efa vonona tanteraka ny "hebergement" fampiantranoana sy "restauration" na fampisakafoanana, ho an'ireo vahiny ho avy any an-toerana. Efa misokatra tsara ihany koa ny lalana mankany Manakara, ka azo antoka ny hisian'ny fiara fitaterana "Taxi Brousse", hitondra an'ireo mpivahiny rehetra hanatrika an'izany.

***Rainilita***

Kianja Abdoulaye Wade any Sénégal

# Filoham-pirenena maro no nanatrika ny fanokanana

Filoham-pirenena maneran-tany maro (Adama Barrow, président de la Gambie, Umaro Sissoco Embalo, président de la Guinée-Bissau, George Weah, président du Liberia, Paul Kagame, président du Rwanda, et Recep Tayyip Erdogan, président de la Turquie) niaraka tamin'ny filohan'ny FIFA Gianni Infantino sy filohan'ny CAF Patrice Motsepe ary mpilalao baolina sangany Afrikana maro no nanotrona ny fitokanana ôfisialin'ny kianja fanaovambaolina vaovao "Stade du Sénégal/Abdoulaye Wade." na koa "stade olympique de Diamniadio" tany Diamniadio (30 km miala an'i Dakar renivohitra), tamin' ny alatsinainy 21 febroary 2022 lasa teo.



*Fitokanana ny kianja manara-penitr'i Sénégal.*

Ahitana seza hoan'ny mpijery baolina 50 000 isa ity kianja tena manara-penitra ity ary mitafo manontolo ny manodidina azy. 2 volana no nanamboaran'ny orinasa Turque, Summa azy ary nitentina 156 milliards de francs CFA na 237 millions d'euros no nenti-nanana azy.

Lalao nifanandrinan'ny ekipa voafantin'i Afrika notarihan'ilay Nizeriana Jay Jay Okocha sy ny ekipa nahitana an'ireo mpilalao sangany any Sénégal notarihan'i Samuel Eto'o Fils no nentina nisantatra an'ity kianja ity ka ilay mpilalao Sénégalais Khalilou Fadiga no nampiditra ny baolina voalohany tao aminy.

Marihana fa ny filoha Sénégalais, Macky Sall, izay nandimby an'i Abdoulaye Wade no nitarika an'izany fanokafana izany. Nambarany fa : "noho ny zavabita tsy hay kosehana nentin'ity filoha nodimbiasany ity teo amin'ny fiaraha-monina sénégalais no nahatonga azy ny fanomezana ny anaran'ity filoha ity an'izany kianja izany. Faly aho, hoy izy, fa herinandro monja taorian'ny nahavoahosotra ho tompondakan'i Afrika ny "Lions de la Teranga" no nisian'izao fitokanana izao ka henim-boninahitra isika rehetra".

Tamin'ny fandraisam-pitenena nataony avy kosa no nilazan'Atoa Patrice Motsepe, filohan'ny CAF, fa : "reherehan'i Sénégal sy Afrika manontolo ny fisian'ity kianja vaovao ity".

Ny filohan'ny FIFA kosa dia nilaza mazava fa : "nampihetsim-po fatratra sy voninahitra lehibe ho azy ny nanotrona an'ity fitokanana ny kianja Abdoulaye Wade ity ary nambarany ihany koa fa hamiratra manerana an' izao tontolo izao ity kintana Sénégalaise ity".

***Rainilita***

Orange Pro League 2021/2022

# Miditra amin'ny andro faha-11

Miditra amin'ny andro faha-11 sahady amin'ity faran'ny herinandro ity ny fifaninanana baolina kitra "Orange Pro League 2021/ 2022".



*Ny ekipan'ny Disciples Fc.*


Fandaharan-dalao sabotsy 5 martsa 2022 :
Etsy amin'ny kianja "Stade municipal Alarobia" : Uscafoot # Ajesaia,
Any amin'ny kianja "Stade Moderne Ampasambazaha" : A.Dato Fc # Jfc Toliara,
Any amin'ny kianja "Stade Barikadimy Toamasina" : As Fanalamanga # Cosfa.

Fandaharan-dalao alahady 6 martsa 2022 :

Any amin'ny kianja "Stade Barikadimy Toamasina" : Tia Kitra Fc # Five Fc,
Any amin'ny kianja "Rabemananjara Mahajanga" : Fosa Juniors Fc # Jet Kintana,
Any amin'ny kianja "Stade Velodrôme Antsirabe" : Disciples Fc # Zanakala Fc,
Etsy amin'ny kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass" : Elgeco Plus # 3Fb Toliara,
Any amin'ny kianja Any amin'ny kianja "Stade Moderne Ampasambazaha" : Mama Fca # Cffa.

***Rainilita***


## Sakafo Ny Valosoa



**Henomby sy ravim-boatavo**, na henomby sy ravina tsirebika indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao ro izany, dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba fanalana ny kendan'ny taolan-trondro



Fomba fanalana ny kendan'ny taolan-trondro indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Rehefa kendan'ny taolan-trondro dia mihinàna tapaka mofo dipaina maromaro avy nalona tanaty rano matimaty avy hatrany. Marihina fa afaka fotoana fohy dia miala avy hatrany ilay misakana ao amin'ny tenda.
Rehefa kendan-taolam-pilao na trondro dia misotroa rano matimaty 1 vera nafangaro vovon-tsira maromaro. Marihina fa ho lasa hanjavona tampoka ny taolana nisakana teo.
Rehefa kendan-taolam-pilao dia mazotoa mitelina akondro masaka efa voatetika madinika avy hatrany.
Rehefa kendan'ny taolan-trondro dia misotroa vinaigre fotsy na mena kely fotsiny.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Mahabe any amin'ny distrikan'i Besalampy faritra Melaky

Ny tanànan'i Mahabe any amin'ny distrikan'i Besalampy faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Mahabe, iray amin'ireo kaominina miisa 6 mandrafitra ny distrikan'i Besalampy ity tanàna ity. Any andrefan'i Madagasikara no misy azy. Azo lazaina ho efa avo toerana izy satria 304 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Ny 90% ny mponina any Mahabe dia mpamboly sy mpiompy avokoa. Vokatra any ny vary, ny voanio na coco, ny mangahazo ary ny voanjo. Mpiompy omby ihany koa ny any an-toerana.



Dr Fanomezantsoa Zaraniaina

# Miomana amin'ny mety ho fiovana endriky ny coronavirus atsy ho atsy

Tsy mitombina ny filazana fa hitsahatra tanteraka ny aretina « Coronavirus », hoy ny Dokotera (Dr) Fanomezantsoa Zaraniaina mpikaroka sy mpitsabo ao amin'ny "Fondation Zaraniaina" etsy Andoharanofotsy. Nanohy fanazavana ity farany, fa tsy ho foana velively eto ambonin'ny tany ny "Virus", fa tsy maintsy miova endrika arakaraky ny fivoaran'ny vanim-potoana misy. Nanazava ny Dr Zaraniaina, fa araka ny antotan'isa voaray dia efa tratran'ny aretina Coronavirus avokoa ny 80% ny olona any Eropa ary efa tratra ilay "Immunités collective", vokatr'izany, efa vitsy ny trangana Coronavirus vaovao satria 20 % fotsiny ny olona mbola tsy voan'ny aretina. Nanamafy ihany koa ity mpitsabo ity, fa mihena ny herin'ny Coronavirus eto ambonin'ny tany, satria efa manomboka mahazaka an'ity aretina ity ny vatan'ny olombelona rehefa ela niadivana ary efa betsaka ireo karazampanafody ampiasan'ny mpikaroka hanasitranana azy. Nanamabara ny Dr Zaraniaina, fa tokony hiomana amin'ny fiatrehana ny Coronavirus amin'ny endriny vaovao ny Malagasy, satria miotrika sy miandry fotoana hipoirany fotsiny ity farany izay endrika aretina mifangaro amin'ny aretina VIH Sida ary efa miseho any Afrika Atsimo izany trangan-javatra izany na dia afenin'ny manam-pahaizana sy manam-pahefana aza. Tsy vahaolana hoy ity mpitsabo ity ny fikatonan'ny sisintany, fa tsy maintsy mampiasa ny zava-maniry fanao fanafody hatrany ny olom-pirenena hiatrehana ny mety ho fivoaran'ny aretina afaka fotoana fohy ary tokony hafainganina ny fikarohana ataon'ny manam-pahaizana Malagasy, mba hiatrehana ny fiovana endriky ny aretina. Nilaza ny Dr Fanomezantsoa Zaraniaina, fa efa namokatra an'ilay fanafody "Odi-vira" ity farany, mba hahafahana mitsabo ny aretina Coronavirus amin'ny endrika VIH-Sida. Nampiasa teknika ahafahana miady amin'ny Coronavirus amin'ny endriny vaovao, no sady mamongotra ny « Virus VIH-Sida ity manam-pahaizana ity ary nahitam-pahombiazana tamin'ny fitsaboana an'ireo olona marary izay nanatona ny "Fondation Zaraniaina" izany fanafody vaovao izany. Hamokatra fanafody amin'ny endriny maoderina ny Dr Zaraniaina ary hiomana amin'ny mety ho fivoaran'ny aretina Coronavirus, satria ho voasokajy tahakan'ny Gripa mahery rehetra ity aretina ity ary tsy hiala intsony eo amin'ny fiainan'ny olombelona.


*Dr Fanomezantsoa Zaraniaina.*

**Franck Razakambelo**

Fampivoarana ny mozika

# Mijoro ny « Studio Apponame »

Ankoatry ny fitiavana mozika lalim-paka ao amindRakotoniaina Apponame Jocelyn. Anisan'ny nanosika azy nanangana ny trano fanaovana famerenana: Studio « Apponame », izay najoro etsy amin'ny 67 Ha Avaratra andrefana (Market) ihany koa, ny fitondrana ny anjara birikiny ho fampivoarana sy fampiroboroboana ny mozika malagasy ary ho fanampiana ireo mpanakanto, ho amin'ny famelarana ny talentan'izy ireo.


*Apponame, mpihira sady teknisianina amin'ny feo.*

**Misokatra, sahaza ny rehetra**

Nomarihan'i Apponame izay mpikambana mpihira eo anivon'ny Kaiamba ary miantsoroka ny lafiny famanafisam-peo ny tarika, fa misokatra ho an'ny mpanakanto rehetra ny foto-drafitrasa ary noezahana ho takatry ny rehetra ny sarany. Noezahana hanome fahafaham-po feno ho an'ireo rehetra mampiasa ny « Studio » ihany koa ireo fitaovana rehetra miasa eny an-toerana, hoy i Apponame ary Olombelona efa manana traikefa sy haizatra matanjaka eo amin'ny fikirakirana ny feo no miasa ao anatiny. Tarigetra ho an'i Apponame sy ireo mpiara-miasa aminy, ny hametraka « mozika mateza » (Mahatety vanimpotoana maro mifandimby), fa tsy « mozika mandalo ». Ity farany izay tsy mahafeno ny famaritana ny atao hoe : « Kanto ». Deraina ny ezaka vitany, hoy ireo mpanakanto maro be tonga nifanotrona tamin'ny fanokanana, ny faran'ny herinandro teo izay samy velom-bolo amin'ny fisian'ity Studio vaovao ity.

**Lalasoa Razafindrakoto**

Fifaninanana « Trail aux milles sourire »

# Ahitana hazakazaka lavitr'ezaka miisa 6 ny andiany faha-13

Hifarana amin'ny 19 Martsa 2022 ho avy izao ny fisoratana anarana, amin'ny hetsika arapanatanjahantena « Le trail aux milles sourires » andiany faha 13, izay karakarain'ny fikambanana UTOP Madagascar. Fifaninanana hazakazaka lavitr' ezaka, izay hanomboka ny 06 May 2022 ka hatramin'ny 08 May 2022 ho avy izao, ahitana karazana fifaninanana miisa 6. Voalohany ny fifaninanana antsoina hoe « Ultra-trail », izay manana halaviran-dalana 126 Km: mampitohy an'I Marozevo (Mandraka) mankaty Antananarivo ary misy mizara sokajy telo ity fifaninanana ity, ao anatin'izany ny fifaninana olondrery, ny olon-droa ary farany ny « Relais » miaraka amin'ny olona 4. Ny faharoa dia ny fifaninanana antsoina hoe « Le 6 Trail », izay manana halavin-dalana 22 Km miaraka amin'ny 800 metatra « Dénivelement ». Ny fifaninanana fahatelo dia ny « Semi-Trail », izay manana halaviran-dalana 70 Km, miainga avy ao Mantasoa hatraty Antananarivo ahitana « Dénivelement » 3040 metatra. Ny fifaninanana fahaefatra dia ny « Le T-Trail », ahitana halaviran-dalana 35 Km, izay miainga eny Ambohimiadana (Carion) hatraty Antananarivo, ahitana « Dénivelement » 1200 metatra. Ny fifaninanana faha 5 dia "Le Zaza Trail de 5 km », natokana ho an'ny ankizy 8 taona, ka hatramin'ny 12 taona. Ny fifaninanana faha 6, farany antsoina hoe: « le Fun Run de 10 Km », izay natokana ho an'ny fianakaviana izay maniry te hitsidika an'I Ambatobe sy ny manodidina. Tsiahivina fa hampiasa ny « Chronometrique informatisé » ny mpikarakara, mba ahitana ny fe-potoana hahatongavan'ny mpandray anjara ary ireto manaraka ireto ireo antotan-taratasy ilaina amin'ny mpandray anjara rehefa hisoratra anarana, ao anatin'izany ny famenoana ny « Imprimee en ligne », ny « Certificat Medical », sary tapaka, »Photocopie » kara-panondro, ny sarampisoratana anarana. Marihina fa mitombo hatrany ny mpankafy ny hetsika « Trail » ary efa manana kaomisionina « Trail » ny Federasionina Athletisme, mba hiezaka hampiditra an'ity taranja ity eny anivon'ny lalaon'ny nosy.



*Ny sasany amin'ireo mpikambana ao amin'ny Utop Madagasikara.*

**Franck Razakambelo**

Nofoanan'ny kaominina Antsiranana

# Nivadika ho Vetaveta Party ny Pool Party ao amin'ny Hotel de la Baie

Nofoanan'ny kaominina Antsiranana any amin'ny faritra Diana ny alim-pandihizana antsoina hoe Pool Party tao amin'ny Hotel de la Baie any an-toerana, satria nivadika ho lasa Vetaveta Party izany. Nivaona tanteraka sy lasa hetsika mamoafady izany Pool Party nokarakarain'ity trano fandraisana lanonana ity. Nandray fanapahan-kevitra hentitra ny kaominina Antsiranana manoloana izany hetsika "Pool Party" nokarakarain'ny Hotel de la Baie Antsiranana izany, satria lasa mampanaonao foana ireo tanora. Tsy mahazo fahazoan-dalana hanao io hetsika io intsony ity Hotel lehibe ao Diego ity , ary tsy manan-kery intsony ireo fahazoandalana efa nomena teo aloha.

**Niaina**



*Hetsika mamoafady tao amin'ny Hotel de la Baie Antsiranana.*

Kaominina Ivato

# Hanome tolo-tanana ny hetsiky ny Tily Menafify Ivato Seranana

Hanome tolo-tanana ny hetsiky ny Tily Menafify Ivato Seranana Miampita, ny kaominina Ivato distrikan'Ambohidratrimo, tarihan'ny ben'ny tanàna, Penjy Randrianarisoa. Hijoro handray andraikitra ny tanora, ka ny sabotsy 5 martsa 2022 izao, hanomboka amin'ny 8 ora, no hotanterahana eo amin'ny tokotanin'ny kaominina Ivato, ny fanombohana fampahafantarana ny tetikasan'ny Skoto Menafify Ivato seranana Mi- ampita, momba ireo tanjona 17 ho an 'ny fampandrosoana maharitra "Objectifs du développement durable" ODD nofaritan' ny Firenena Mikambana. 90 andro ny faharetan'ny tetikasa, izay hanasany ny olon-drehetra, indrindra ny sekoly, ny mpianatra sy ny mpikaroka, ny olom-pirenena rehetra, ny fokonolona. Tanjon'ireto tanoran'Ivato ireto ny hananana tontolo iainana madio, mponina mandry fahalemana, tanàna mandroso, Ivato mahatamana sy ny toe-tsaina miabo, fialamboly mampiray.

**Stefa**


*Ny solontenan'ireo tanora amin'ny Tily Menafify Ivato Seranana, nihaona tamin'ny mpitantana ny kaominina Ivato.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**26/02/2022 hatramin'ny 05/03/2022**

- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64 / 034 84 322 64
- **RABARISOA** (Andravoahangyprès BOA ex imm SOLOPRIX) 020 22 229 86 / 034 07 229 86
- **TSARA** (Andavamamba-route pavée) 020 22 347 12 / 034 21 111 14
- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17 / 034 19 733 95 / 033 51 510 70/032 58 835 49
- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 22 697 22

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1269-03-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

LIONS CLUB INTERNATIONAL MADAGASIKARA

# Hetsika fanangonana tolo-tanana ho an'ny traboina ny sabotsy izao

Hanao hetsika fanangonana fanampia-na tolo-tanana ho an'ny traboina ny sabotsy 5 martsa ho avy izao ny Lions Club International Madagasikara, ny hetsika hatao dia hanangonana sakafo sy fanomezana amin'ny endriny rehetra ho tolo-tanana, izany dia hatao eny amin'ireo Magazay Jumbo Score sy Leader Price eto Antananarivo Renivohitra, hanomboka amin'ny 9 ora maraina ka hatramin'ny 7 ora hariva tsy ankijanona. Fantatra izany nandritra ny tafa tamin'ny mpanao gazety nataon'ny Governoran'ny District 147 ny Lions Club International, Ramatoa Chantal Dixneuf, sy ny Filoham-paritra faha-3 an'ity fikambanana mpanao asa soa ity eto Madagasikara, Jocelyn Rasoanaivo, tetsy amin'ny Tamboho Ambodivona omaly. Tsy nisalasala fa hifarimbona hifanome tanana ireo mpikamban'ny Clubs Lions International eto Madagasikara, hanampy ireo mpiray tanindrazana niharan' ny voina nandritra ireny rivodoza nifanesy nandravarava teto Madagasikara ireny, indrindra ny tany amin'ny faritra Atsimo Atsinanana: Mananjary, Manakara ary Farafangana, izay tena voa mafy tokoa, no hiantefan'ny fanampiana amin'ity hetsika ity. Ireo fanomezana sakafo sy tololotra voaray mandritra ny hetsika tolo-tanana ny sabotsy 5 martsa izao dia hangonina amina toerana iray, ho sivanina araky ny karazany sy ny filan'ny mponina any an-toerana, mialohan'ny handefasana azy any amin'iny faritra iny, amin'ny herinandro ho avy io ihany. Ny fizarana ireo tolo-tanana ho azo kosa dia ho raisin'ny Clubs any an-toerana voakasik'izany avy. Noho izay antony izay, ny Lions Club International Madagasikara dia manao antso amin'ny olon-tsotra, orinasa, fikambanana, masoivoho vahiny,… mba hiray hina amin'izao voina mihàtra amin'ny mpiray tanindrazana izao, ka handray anjara ho fanehoana marina ny fihavanana Malagasy. Ankoatra izany, fantatra ihany koa fa nahazo 1 alina dolara Amerikana sy 1 alina Euro avy any amin'ny foibe, sy avy any amin'ny Clubs atsy amin'ny Nosy rahavavy: La Reunion sy Maorisy ny eto Madagasikara, hanampiana ireo traboina any Vatovavy sy Fitovinany ary Atsimo Atsinanana, efa hividianana zavatra ilain'ireo traboina any an-toerana io vola io amin'izao fotoana.



*Ny tafa tamin'ny mpanao gazety tetsy Ambodivona omaly.*

***Aly***

Fizahantany

# Nahazo filohan'ny filan-kevipitantanana vaovao ny ONTM

Nahazo filohan' ny filan-kevipitantanana vaovao ny ONTM, na ny Ofisim-Pirenena momba ny Fizahantany eto Madagasikara. Andriamatoa Jonah RAMAMPIONONA, no voafidy ho Filohan'ny Filan-kevipitantanan'ny Ofisim-pirenena momba ny Fizahantany vaovao eto amintsika. Tontosa afak' omaly talata ny fivoriambe voalohany ho an'ireo mpikambana vaovao ao anatin'ny filan-kevipitantanan'ny ONTM, izay nanatanterahina io fifidianana io. Efa Filoha nitantana ny fikambanana TOP Madagascar (Association des Tours Opérateurs Professionnels de Madagascar) Andriamatoa Jonah Ramampionona, nialohan'izao toerana hotantanany mandritra ny roa taona eo anivon'ny ONTM izao. Nambarany fa isan'ny tarigetrany ny fampahafantarana an'i Madagasikara any ivelany. Ny hanarina indray ny fizahantany eto amintsika, noho ny fikatonan'ny sisintany nandritra izay valanaretina coronavirus izay. Hisokatra ny 5 martsa ho avy izao ny sisintanin'i Madagasikara, heverina fa hiharin-doha amin'izay ny sehatry ny fizahantany eto amintsika, izay tena sahirana tokoa amin'izao fotoana noho ny fiantraikan'ny covid-19 sy ny fepetra ara-pahasalama-na nikatonan'ny sisintany izay.



*Ny filohan'ny filan-kevipitantanan'ny ONTM, Jonah Ramampionona.*

***Aly***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 386




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady


### Valiny Teny Tondro (0385)

***Mitsivalana***
- Toriteny
- Avo – SN
- Nianatr(a)
- Pirina
- Elo – AN
- Lolo – Ako
- Omby

***Mitsangana***
- Tantely
- Ovy – Lo
- Roapolo
- Ny – OM
- Tsara
- Entiny
- RN
- Fy (miv) – Rova (miv)

## TENY MIFANAPAKA

N° 386




**Mitsivalana**

**1.** Mpitondra firenena **2.** Hazo maro – Milaza fotoana (miv) **3.** Vahiny – Tofoka (miv) **4.** Tsapaina, ampitoviana – Mampisafidy **5.** Napetraka (miv) **6.** Fanafody (miv) – Naoty (miv) – Eo amin'ny fery (miv) **7.** Fivelomanao **8.** Faran'ny valala – Aro moka **9.** Irinay, ilainay – Tampisaka **10.** Hira sy vazo (miv) – Foto-tsakafo

**Mitsangana**

**A.** Loto marobe – Rary vy **B.** Andro – Mpanondro **D.** Hatsiaka – Ala-voly (miv) **E.** Betsaka (BL) – Milaza fananana (miv) **F.** Niakatra (miv) – Ao amin'ny kaki **G.** Mpanakanto gasy **H.** Mamarana ny lalanao – Zanak'i Dada – Faran-teny **I.** Tampisaka – Nivelona **J.** Fipetrahana (miv) – Hao tsy misy lohany – Mari-bola **K.** Haingo mariazy (miv) – Sahala

### Valiny Teny mifanaraka 0385

**Mitsivalana**

**1**.Mandà - Foza (miv) **2.** Efaina **3.** Naina - Ana **4.** Ak(o) - Anana **5.** Ray - Nikalo (miv) **6.** Nafarana **7.** Anao - Fe (miv) **8.** Aizat? - Taona **9.** Nivory - Ma (miv) **10.** Vy - Mitafa (miv)

**Mitsangana**

**A** Menarana **B.** Afaka - Iny **D.** Nay - Izany (miv) **E.** Dina - Avana (miv) **F.** Ana - Afo (miv) - Fo (miv) **G.** Alaotra **H.** Rana (miv) - Tia (miv) **I.** Zanaka **J.** Manenina (miv) **K.** Fy - Mafana (miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ireo depiote TIM nitafa tamin'ny mpanao gazety teny Tsimbazaza omaly.









